# 13

# NY FIKARAKARANA NY MATY

## TANJONA

Mamantatra ireo fikarakarana atao amin'ny maty sy ny hevitra fonosiny

## VONTOATIM-PAHALALANA

Manana ny mampiavaka azy ny Malagasy eo amin'ny fikarakarana ny maty. Manomboka amin'ny fahafantarana fa tapitra ny ain'ilay olona izany hatrany amin'ny fahavitan'ny fandevenana sy ny fisasana. Maro ny fomba atao eo amin'ny maty, noheverina ho adidin'ny velona amin'ny maty izany, ary atao an-tsakany sy an-davany mba hahatafita ilay maty any amin'ny tontolon'ny razana, ka ho tafapetraka any amin'ny tontolo sahaza azy izy .

Ireto avy ireo fomba atao amin'ny maty :

- Ny manirina
- Ny manadio
- Ny mametaka hamama
- Ny famonosan-damba

Ankoatra ireo dia misy ihany koa ny adidy ataon'ny fiarahamonina sy ny manodidina ny tompon'ny manjo, ireto avy izany:

- Ny mamangy

Ny miandry faty
Ny mandevina

**Ohabolana mahakasika ny fahafatesana**

« Raha razana tsy hitahy mifohaza hiady voamanga »
«Aza manirina olona tsy afaka aina»
«Fady ny miady amam-paty»
«Ny adidy tsy an'olon-dratsy»
«Raha revom-potaka, ny rano no manila, raha revon'alahelo, ny Havana no manila»
«Ny entan-jarai(na) mora zaka»

### Sahanasa 1

Tantarao ao anaty lahatsoratra fohy, ahitana andininy telo (3), mitantara ny zava-niseho rehetra fony nisy fahoriana tao amin'ny tanàna misy anareo, na tao amin'ny fianakaviana.

a) Lazao ny fihetsiky ny fianakaviana

b) Tanisao ireo fitaovana nangonina, novidina, nomanina

c) Inona no nataon'ny manodidina sy ny mpiray tanàna?

**Sahanasa 2**

Hazavao ny fizotry ny hetsika tsirairay, iza no manao ilay hetsika

a) Ny manirina ny mason'ny maty

b) Ny manadio ny maty

d) Ny mampiakanjo

e) Ny mametaka ny hamama

f) Ny mamono lamba

g) Ny famangiana manjo

**Sahanasa 3**

Inona avy ny hevitra fonosin'ireto fomba samihafa atao amin'ny fahafatesana ireto:

a) Ny manirina:

b) Ny manadio:

d) Ny famonosan-damba:

e) Ny famangiana

f) Ny fiaretan-tory na fiandrasam-paty: